MIARA-MANONJA

Manome 48 ora ny fitondràna

Nanomboka ny faran'ny herinandro lasa teo dia voadidina mpitandro filaminana ny trano fonenan'ny filohan'ny antoko mpanohitra RMDM, sady filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Marc Ravalomanana eny Faravohitra. Raha ny feo mandeha dia fampitahorana ity farany no anton'ny anaovana izao fihetsika izao, noho ny fandaharana Miara-manonja mahazo vahana manerana ny firenena, sy manerana an'izao tontolo izao mihitsy. Eo ihany koa ny fitsangatsanganana natao ny sabotsy teo izay efa aman'alin'alina, no nisoratra anarana naka badge teny Anosipatrana ary ny sabotsy teo dia an'hetsiny no tonga teny Imerinkasinina, na nisy aza ny fanakantsakanana. Hatramin'ny andron'ny omaly dia mbola tsy niala ireo mpitandro filaminana teny Faravohitra, fa mbola tao hatrany. Manoloana izany indrindra dia hentitra ny depiote Fidèle Razara Pierre tao amin'ny fandaharana Miara-manonja omaly, fa manome 48 ora ny fitondram-panjakàna hanala ireo foloalindahy eny Faravohitra ny Miara-manonja. Ka rehefa tapitra io fotoana io dia hanome toromarika, ny mpitarika ny Miara-manonja ny alarobia ho avy izao. Tsy mila vanina ny mpanohitra hoy ny fanambarana, fa mila hajanona ny fihetraketrahana ataon'ny mpitondra sy ny ramatahora.

Goavana indrindra

Fa raha tsiahivina ny zava-nitranga teny Imerinkasinina ny sabotsy tontolon'ny andro teo iny dia fahombiazana tanteraka no azon'ny mpikarakara tamin'iny fitsangatsanganana izay anisan'ny goavana indrindra teto amin'izao tontolo izao iny. Tsy mbola nahitana fitsangatsangana, na picnic, na excursion goavana toy ireny hatramin'izao maneran-tany. Niara-nientana ny rehetra, na maro koa aza no tavela teny amin'ny Magro Tanjombato, noho ny fanakatsakanana nataon'ny fitondrana tamin'ny alalan'ireo mpitandro filaminana izay mbola voabaikony aloha hatreto, fa tsy maintsy hiaraka amin'ny vahoaka maro an'isa ireo tsy ho ela. Satria hiaro ny vahoaka no tena andraikitra sy adidiny, fa tsy hiaro ny fitondrana misy, izay efa manomboka ho hazo bobaka amoron-tevana ankehitriny, ka miandry ny hidarabohany fotsiny sisa. Noho izay fahombiazana izay, nitondra ny tenin'ny mpikarakara ny depiote Me Hanitra, nankasitraka ny rehetra nandray anjara tamin'iny fitsangatsanganana goavana iny:" mankasitraka antsika rehetra nahavita ny fitsangatsanganana ny sabotsy teo. Misaotra tamin'ny fahafoizan-tena na dia teo aza ny fanelingelenana isan-karazany. Misaotra tamin'ny fanekena ny fandaminana rehetra. Hafa ihany ny miaraka amin'olona manam-pahendrena. Tsapanay tokoa izao fa tena MIARA-MANONJA isika rehetra ary

Karatra mena efa narangarangan'ny vahoaka ny sabotsy teo.

samy vonona hanavotra ity Firenentsika ity. Tsy ataontsika raraka an-tany izany ! Santatra am-bavarano iny... Samia tahin'ny Tompo!", hoy izy. Nanome toromarika ihany koa ny depiote Fidèle momba ny tohin'ny hetsika:" izay mbola mila badge sy autocollant dia afaka maka eny amin'ny Mbs Anosipatrana nanomboka omaly alatsinainy, mitohy ihany koa ny fivarotana polo. Misaotra antsika rehetra tamin'ny fahatontosan'ny fitsangatsanganana izay nataontsika ny sabotsy teo, ho tahian'ny tompo daholo eh… ny hery tsy mahaleo ny fanahy", hoy izy.

Karatra mena

Fa raha hiverenana ny fitsangatsanganana tamin'ny sabotsy teo, sokajin'olona maro samihafa avy amin'ny lafivalon'ny Nosy no tonga teny Imerinkasinina: tao ny mpanao politika, ny fikambanana samihafa, ny olon-tsotra,… izay miara-manonja ho fanoherana izao fitondrana izao. Nisy ny hafatra avy amin'ny filohamboninahitry ny antoko HVM, ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina nandritra izany, izay nanambara fa manohana ny hetsiky ny vahoaka izy. Niditra mivantana tamin'ny alalan'ny antso an-telefônina koa ny filoha Marc Ravalomanana, izay filohan'ny RMDM, sady filoha nasionalin'ny antoko TIM, nankasitraka ny mpikarakara, sy ny rehetra tonga ary nankahery ireo tsy tonga teny Imerinkasinina noho ny sakantsakana. Fantatra fa ho aty Antananarivo indray ny hetsika manaraka, izay mbola ho lazaina amin'ny fotoana mahamety azy ary ny sabotsy 13 febroary ho avy izao dia hisy ny fandaharana Miara-manonja lehibe. Efa namoaka karatra mena ho an'ny mpitondra ny vahoaka tamin'io fotoana io. Ho hita eo ny ho tohin'izay. Manonjanonja tokoa izy izany a!

Helisoa

Nosy-Be

Niara-nanonja tamin'ny teny Imerinkasinina koa

Tsy ny teto Madagasikara ihany, fa saika eran'izao tontolo izao mihitsy, no nanaraka ny fitsangatsanganan'ny Miara-manonja teny Imerinkasinina Antananarivo Avaradrano ny sabotsy teo. Na notapahan'ny fitondrana aza ny fandaharan'ny MBS Tv tamin'ireo televiziona satelita: Startimes, Canal +, ary Parabole dia mbola afaka nanaraka mivantana iny hetsika anisan'ny lehibe teto amin'izao tontolo izao iny ny olona rehetra eran-tany, noho ny teknôlôjia vaovaon'ny fifandraisana toy ny youtube sy ny facebook,… Tsy diso anjara tamin' izany fanarahana ny Miara-manonja teny Imerinkasinina izany koa ny tany Nosy-Be faritra Diana. Tao amin'ny tranon'ny Magro Hellville dia vory lanona koa ny mpankafy Miara-manonja. Niara-nifaly sy niray fo tamin'ny mpitsangatsangana teny Imerikasinina Avaradrano. Nandritra izany dia nahenoana feo niakatra ihany koa ny tany amin'ny faritra. Fanirian'izy ireo ny mba hisian'ny fiarahamientana toy ny eto Antananarivo sy ny manodidina, any amin-dry zareo, ho fanamafisana ny fanoherana izao fitondrana mamohehatra tarihandRajoelina izao.

Stefa

Ny fanarahana ny Miara-manonja ny sabotsy teo, tany amin'ny Nosy Manitra.

Fitsangatsanganana teny Imerinkasinina

Nanome fanampiana 700 euros ny RMDM Diaspora La Réunion

Maro ireo malala-tanana nanampy, tamin'ny hetsika fitsangatsanganana, nokarakarain'ny Miara-manonja teny Imerinkasinina Antananarivo Avaradrano ny sabotsy teo iny, na ny teto an-toerana izany, na ny avy any ivelany. Tao koa ireo antoko politika sy mpanao politika, ny fikambanana samihafa, ny olon-tsotra,… dia samy nitondra ny anjara birikiny nahatontosana iny hetsika lehibe iny. Fanampiana izay nentina nanampy tamin'ny fitaterana, teo koa ny sakafo maivana fanampiny, ho an'ireo mpitsangatsangana, sy izay mety ho fandaniana nataon'ny mpikarakara nandritra iny andro sabotsy iny. Anisan'ny nitondra ny anjara birikiny tamin'iny hetsika fialamboly teny Imerinkasinina iny ny RMDM Diaspora atsy amin'ny Nosy La Réunion, nanome vola mitentina 700 euros, na 3 tapitrisa Ar teo izy ireo nandritra izany. Miara-manonja amin'ny aty antanindrazana hatrany koa ireo Malagasy atsy amin' ity Nosy rahavavy ity. Nankasitraka izao fanampiana izao ny mpikarakara.

Isambilo

Ireo anisan'ny mpitarika ny RMDM Diaspora La Réunion.

Ny Valosoa sy fakafaka

Politikan'ny safosiaka sisa ny an'ny fitondrana Rajoelina

Manohy hatrany amin'ny fanaovana ny vahoaka Malagasy ho toy ny zaza sy bado ny fitondrana Rajoelina. Mbola niseho indray izany ny faran'ny herinandro teo ireny, na ny natao tamin'ireo mpiray tanindrazana nanatanteraka fitsangatsanganana teny Imerinkasinina, na ny nambarany teny Ambohitsorohitra. Amboamboarina hatrany ny teny tsara lahatra anaovana safosiaka mampandry adrisa, izay azo fitahina rehetra efa fanaony hatramin'ny taona 2009 nanonganam-panjakana teto amin'ny firenena. MIseho izy ireo hampandroso ity firenena ity kanefa efa fantatra, fa tsy ny vahoaka Malagasy manontolo no hampandrosoina eto, fa ankolafiny ihany izay metimety aminy ihany. Niaraha-nahita toy ny masoandro be lohataona izany fa tsy mila porofoina intsony hatramin'ny nanombohana ny krizim-pahasalamana teto, ka mandraka ankehitriny. Misy vahoaka malagasy ailik'ity fitondrana ity eto ary tsy hamakiany loha na kely aza izay fahavoazany any hatramin'izao. Ity fitondrana Rajoelina ity ihany anefa no niteraka ny fahavoazan'ireo vahoaka Malagasy nailiny ireo. Ka fampandrosoam-pirenena inona no antenaina aminy amin'izany ? Moa tsy famitaham-bahoaka tsotra izao izany ?

Fitondrana mamita-bahoaka no misy eto. Ary tsy izay fotsiny fa atao izay hamoretana azy araka izay fomba azo atao rehetra. Niseho mazava izany tamin'ny sabotsy iny. Mbola manamafy koa iny tranga iny, fa misy vahoaka ailika eto amin'ity firenena ity. Rehefa ny fitondrana mantsy no mamory vahoaka dia migodana ny lalana hamonjy azy amin'izay toerana ifamotoanany, tsy misy sakantsakana. Fa rehefa toy ireny vahoaka tamin'ny sabotsy ireny no mifamotoana dia fomba mamohehitra no atao. Fihetsika izay miala amin'ny fahendrena maha Malagasy tanteraka. "Ratsy toetra ianareo", hoy ny depiote Fidèle izay teny Imerinkasinina. Ity fitondrana Rajoelina ity, dia manao izay hahabotetaka ny firenena hatrany eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena amin'ny fihetsika sy fomba fiasa ary fepetra raisiny. Ny mpanohitra kosa, soa ihany nisy azy, miezaka sy mifofotra mampijoro sy mampitsangana azy. Ka iza no tena misaina marina izay hampandroso ity firenena ity amin'izany? Ity firenena Malagasy ity, raha mbola izao tsy miova fa toy ny natao tamin'ny andron'ny tetezamita ihany no ataon'ny fitondrana Rajoelina, dia tsy hisy fampandrosoam-pirenena izany. Niaraha-nahita tsara ny tsy fandrosoan'ny firenena tao anatin'ny dimy taonan'ny tetezamita ireny. Nilaza mazava tsara izany ny filohan'ny Repoblika teo aloha, Hery Rajaonarimampianina raha nandray ny fitondrana. Firenena potika ara-toekarena no noraisiny rehefa avy nandimby ny dimy taonan'ny tetezamita. Ka moa tsy famitaham-bahoaka bevava ve no nambara teny Ambohitsorohitra? Ho very ity firenena ity raha mitohy izany. Ny politika ara-toekarena atao ankehitriny aza tsy manasoa ny sarambabem-bahoaka velively. Heno avy amin'ireo mpiasa mba miasa amin'izao fotoana izao izany, ary tsy misy amin'izy ireo no mba manana fanantenana amin'ity fitondrana ankehitriny ity.

Sôh'son